Bokin’ny mpaminany Kacou Philippe

TOKO FAHA-11: MITENENA AMIN’IZAY!

(*Notorina ny alahady maraina 01 desambra 2002 tany Locodjro, Abidjan - Côte d'Ivoire / www.matth25v6.org*)

Tsy mitsahatra ny manentana anareo ho amin’ny fahendrena aho. Aza mamerina ny fahotan’ny Isiraely tamin’ireo mpaminany, ny an’i Roma tamin’ireo olona masina. Raha manozona ahy, milaza ahy ho demony, ho antikristy, toriteny “nivaquine”, … dia fantaro fa ataonareo amin’Andriamanitra izany. Jentilisa aho fahiny ary ny 24 aprily 1993, tao anatina fahitana, izaho no nahazo ny fiovam-po ary ny ampitsony iny mbola niara-nipetrapetraka tamin’ny fianakaviako iny aho, dia nentina tamin’ny alalan’ny fahitana tany amin’ny tanàna haolo iray aho ary izaho nandray iraka ny hitory ny fitsarana. Taorian’ireo fahitana anankiroa ireo aho vao nankany am-piangonana voalohany indrindra. Ary raha tsy afaka mandray ny Baiboly ianareo mba hanoherana izay toriko, dia mipetraha tsara ary! Aza vesarana ozona ny tenanareo! Izaho tsy mba tany amin’izay seminera na fampiofanana ara-baiboly izany mihitsy hatrizay, izaho tsy mamaky ireo bokin’ireny fivarotam-bokinareo lazaina fa kristiana ireny, satria Ilay naniraka ahy dia miaraka amiko.

Ankehitriny, hiresaka kely mikasika ny Côte d’Ivoire aho mba hamenoako izay efa nolazaiko: Avy amin’ny fahaterahany, ity firenena ity dia karazan’ireo izay teraka tany an-dapan’ny mpanjaka. Ala, ambanin’ny tany, ranomasina, … ary izany nahatonga ireo firenena manodidina niankohoka sy nanompo azy tany amin’ireo sahany. Ny Burkina dia andevony tany an-tsahany ary mpiambina ny tranony. Mamadika ny “pétrole” (solitany) an’i Nigeria izy, manome herim-baratra hatrany amin’ny mihoatra ny eo akaikiny mihitsy aza. Ireo voro-manidina rehetra, ireo biby rehetra eny an-tsaha tonga avy lavitra ka nahita toerana teny anilany. Raha ny fahasoavana, ny hery ary ny voninahitra teo aminy dia toy ny hoe tsy mba marina Andriamanitra. Tena, niandry zavatra betsaka taminy mihitsy Andriamanitra. Fa rehefa nitombo hery izy, dia nifidy ny lalan’ny ratsy fanahy, ireo izay manana fankahalana an’Andriamanitra ary ny fahatsiarovana azy ireo dia miha voafafa isan’andro avy amin’ny volkano, tondra-drano, tafio-drivotra, asa fampihorohoroana, horohorontany, ady, … Ny fahotana dia antsoina hoe “haren’ny firenena” ohatra hoe “vaudous” (karazana fanaovana ody), “poro” (karazana fomba fisikidiana sy antoko), “dipri” (karazana fomba sy sikidy), saron-tava, fandihin’ny mpiady, “fokué”, “gbékagnan” izay fanaon’ny biby izay tsy tokony ho tononina akory amin’izao fotoanan’ny kristianisma izao. Ny tanàna tsirairay dia samy manana mpanao ody, saron-tava, renirano masina, … na dia olona anankiray monja aza no miroso amin’izay fanao izany ka tsy miteny na inona na inona ianareo noho izany dia ny tanàna iray manontolo no meloka. Na ny “zoo” aza dia fahotana ho an’ny firenena anankiray. Raha valan-java-boahary (parc), mety! Fa ny “zoo” dia fahotana. Voromahery, liona anaty trano voafefy (cage)… mitovy amin’ny olona iray manana rajako mifatotra amin’ny rojo any an-tranony. Izao no lazain’i Jehovah Tompo, avotsory rizareo raha tsy izany dia ho aminareo ny ozona!

Ity firenena ity izay nandray ny Filazantsara efa nandritra ny taonjato iray dia nisafidy ny hanaiky ireo fomban-drazany. Raha amin’ny vatana, ny akanjo ary ny Fanahin’i Jesosy, dia nifidy ny akanjo rizareo ary miaraka aminy, ireo ozona rehetra ao amin’ny Baiboly. Tsy nisy ozona anankiray tao amin’ny Deot. 28 izay tsy nianjera taminy. Nataon’ny vahoaka masiaka endrika avy any lavitra fahirano ve izy? Moa ve ireny vahoaka ireny vato mavesatra, manempotra azy any amin’ireo tanàn-dehibe sy tanàna madinikany? Ireo vahoaka ireo ve manapaka azy? Eny! Satria ny tena fanapahana dia ara-toe-karena; ilay ara-politika dia amin’ny fomba mandoka tena fotsiny. Isika koa dia mahita ireo bibi-dia, ireo biby masiaka izay vaventy tany amin’ny andro taloha tany manafotra (mameno) ireo tanàna miaraka amin’ny maingoka, dragona, bibilava eny amin’ny sandriny, mitevika ny sofiny, ny hety volo mivilana sy fiteny maro vaovao ary rizareo rehetra dia vokatry ny fahotana avokoa. Ny sasany avy any amin’ilay sekolin-jiolahy antsoina hoe “zanaky ny lalana”. Nefa isika mahalala fa tsy olona ny lalana ka hanan-janaka. Ireo dia vokatry ny famporafesana sy ny fijangajangana, notorontoronina tany anatin’ireo trano fandraisam-bahiny, tsena, birao, fiarakodia, trano tsy mbola vita, … Izany manao firaisana ara-nofo mialohan’ny vodiondry farafaharatsiny izany, dia fandehanana manohitra ny tena, ny firenen’ny tena ary Andriamanitra. Ary ny tany dia feno izany. Ireo tanàna an’ny oniversite dia ivo-toerana fijangajangana amin’ny refiny lehibe. Ary ny vadin’ny filoham-pirenena dia mizara fimailo amin-drizareo mba handoto tena hatrany ny firenena, ka manao ny fahavetavetana, ny famporafesana ary ny fijangajangana ho ara-dalàna noho izany. Na misy inona na misy inona, tsy tokony ho amporisihina velively ny fampiasana fimailo. Dia nitohy tao anatin’ny tsy fahamaotinana ny Côte d’Ivoire hatramin’ny nanaovana ny dihy iray toy ny mapouka ho ara-dalàna ka naondrana any ivelany tahaka ny kafe sy “cacao”. Lalana “princesses”, gazety mampiseho vehivavy mitanjaka no omena alalana. Ny Zaïre, io tanàna tsy maotona io, dia nataony ho fakan-tahaka. Rehefa misy olona voakiana (censuré) any amin’ny fireneny any, dia avela mankaty am-pahalalahana izy maneho ny fahadalany. Ny Côte d’Ivoire dia naneho fa afaka mahavita loza kokoa noho ny firenena hafa izy amin’ny resaka fahotana. Ary olona tsy maotona maro, ny sasany tahaka an’i Hanny Tchellé, izay nalaina sary nitanjaka tany anaty horonantsary maro taty no safidiana ho mpanentana any amin’ny tele mba hamotehana ny fahatanorana. Firenena maivan-doha!

Nataon’ny devoly ho Edena-ny ny tany ary ny vehivavy dia zavatra fanao dokam-barotra. Ny famantarana tokana ara-baiboly ny fahatsaran-tarehy dia ny tarehy. Rebeka [Gen. 24:16], Sara [Gen. 12:11], Rahely [Gen. 29:17], Abigaila [1 Sam. 25:3], Tamara [2 Sam. 14:27], … Saingy namorona famantarana hafa ny devoly: ny fitombenana avy eo dia ny foitra avy eo ny fihodirana avy eo ny “maquillage” izay fanomezan-tsiny ny fahalavorarian’Andriamanitra: fomba itenenana hoe *“Tokony hoatr’izao no anaovan’Andriamanitra an’ity”*. Natokana ho anareo ny nanjo an’i Jezabela. Nisy tanan’Andriamanitra nandray ireo alika mba hihinana an’i Jezabela renibenareo saingy inona no nitranga? Tsy nokasihan’ireo alika ny karan-dohany, ny tongony ary ny felatanany noho ireo “maquillages” sy “vernis”. Ranabaviko malala isany, Andriamanitra dia te hahita anareo toy izao namoronany anareo izao. Mijanòna toy izao!

[…] Ary toy ny mbola tsy ampy aminy ihany izany, ka avy amin’ny torohevitr’ireo mpaminanin’i Bala, dia napetrany teo amin’ny fahefana i Ahaba sy i Jezabela vadiny. Ilay loza indrindra amin’ireo zanany. Ilay nanohitra an’i Houphouët rainy efa

hatramin'ny taona 1970 tsy ankiato ary dia, tamin'ny 1990, nanainga ny ankohonana hanohitra io ray io. Tahaka an'i Hama, nampiseho ny fitanjahan-drainy teo imason'izao tontolo izao ary nanentana ny firenena manontolo mba hanao toy izany koa izy. Ary io fanahin'ny fikomiana io ihany koa no nanosika an'i Côte d'Ivoire hanohitra an'i France. Izay fanahy rehetra mpanohitra-frantsay dia avy amin'ny devoly. Ilay Andriamanitra izay tsy afaka ny hanainga ny Fiangonana hanohitra an'i Kristy na ny vehivavy hanohitra ny lehilahy iny ihany, iny Andriamanitra iny dia tsy hanome alalana fikomian'i Côte d'Ivoire amin'i France na i Congo amin'i Belgique. Ary rehefa manao toy izany ianareo, mialohan'ny handraisana zava-tsoa avy aminy, dia manàna fanetren-tena sy fahasahiana ny hanao azafady aminy. Izaho tsy miteny hoe tsy nanao ratsy i France saingy tsy manan-jo ny hanao izao ataonareo izao ianareo. Fa ilay demony izay niditra tao amin'i Côte d'Ivoire io ihany no napetraka teo amin'ny fahefana. Fa raha nanakana ny rainy hanjaka amin'ny firenena manontolo izy, ahoana ho hanjakany amin'ny Firenena manotolo? Raha nampijaly tamin'ny karavasy izy, moa ve izy tsy ho ampijaliana amin'ny maingoka? Ny mametraka lehilahy toy izany eo amin'ny fahefana dia miantso ny ozona izay tokony hianjera aminy irery ihany ho amin'ny firenena. Raha mitoetra am-piadanana ny seza fiandrianany ary manjaka amin'ny Firenena manontolo izy dia noho izany tsy lehilahin'Andriamanitra aho ary Andriamanitra tsy mba niteny tamiko velively. I pasitera David dia nangataka tamin'ny mpinony ny mba hanaiky io safidy io fa tsy tian'ilay Avo-Indrindra ny handotoako tena amin'ny safidy toy io. Raha asaina misafidy amin'Andriamanitra sy i Satana i Côte d'Ivoire, dia izy hisafidy an'i Satana miaraka amin'ireo fiangonany sy mpaminaniny. Rehefa Andriamanitra no manome ilay seza fiandrianana, dia Izy no mampitoetra azy. Hanoherana anareo ihany no nanaovanareo an'io safidy io. Milaza izany aho avy amin'izay noraisiko tamin'Andriamanitra. Izy sy ny vadiny dia zanako ary ireo ministr'izareo dia zafikeliko. Nefa mialohan'ny idirako eo anilan'ny olona toy izany ho amin'ny tsara, dia tokony handroaka am-pahibemaso ireo filoha sy mpaminanin'ireo fiangonana izay mihinana eo amin'ny latabatr'izareo ary hanao fanekena ny tsy hanana anjara miaraka amin'ireo intsony rizareo.

Dia hitantsika i Jezabela vadiny, vehivavy kely mpianatry ny oniversite manangan-tena ho mpaminany-vavy, manome baiko ny kristiana hatramin'ny hangatahana amin'ireo pasitera ny hampiasan-drizareo fimailo sy ny hanentanan-drizareo ireo mpinon'ny fiangonan-drizareo hampiasa izany, ka manatsoboka tanana maloto ao anatin'ireo zavatra masina, raha misy izany. Ary ireo pasitera, filoha sy mpaminanin'ireo fiangonana ireo, ireo mpanjaka ireo dia tsy sahy manakombona ny vavan'io jentilisa-vavy io izay eo ankehitriny fa hanjavona rahampitso. Ianareo, CNEPECI, FECI [*ireo vondrom-piangonana anankiroa lehibe indrindra an'i Côte d'Ivoire*], ianareo! Fikambanan'ny mpamosavy mitafy volon'ondry, i Jesosy-Kristy dia efa naharesy anareo! Ianareo sady te hihinana eo amin'ny latabatr'Andriamanitra no eo amin'ny latabatr'i Kaisara? Hanenjika anareo ny sabatra amin'ny antoandrobenanahary ary handray anareo ny helo. Ny fahavalon'ny tany, dia ianareo! Satria ve ianareo te hanorina fanjakana ara-bola ka noho izany safosafoinareo ny fahotana? Andriamanitra dia handringana anareo! … Ianareo, Goliata manan-tongotra tanimanga, ity Hafatra ity dia hamely anareo. Ny fijalianareo no nanomboka. Ianareo! Mpanao fankatovana! Amboadia be nofony sady donga! Bibilava voaompy! Fonenan'i Satana, mamon'ny ran'ny olona tsy manan-tsiny izay mitady Famonjena, hafiriana re no mbola hiainanareo ety an-tany ihany? Ary ny helo sy ny farihin'afo ary ny fiainan-tsi-hita manotolo dia tsy mitsahatra ny mitatatata aminareo hoe: "Fanamelohana! Fanamelohana! Fanamelohana!". Fa nahoana? Satria ny helo no firenena nihavianareo. [Tapany tsy navoaka]…

Miditra amin'ny politika ianareo dia hoy ianareo: tsy manao politika izahay! Izany dia tahaka ny olona miteny hoe: *"Tsy mihinana henan-kisoa aho fa mihinana saosy kisoa"*.

Tamin'ny 1993, ity firenena ity dia nitsangana hanohitra ireo Ghaneana, izay olona mampalahelo mba tonga tamin'ny tany lazaina fa mpampiantrano vahiny mba hitady ny sakafony (Na: mofony). Izaho nahita olona maro maty lavitra ny taniny ao anaty toe-javatra izay tsy iriana hanjo ny biby akory aza. Tany Yopougon, teny akaikin'ny Saguidiba, nisy vehivavy matin'ny fanoto naletra tao anatin'ny taovam-pananahany hatrany amin'ny kibony. Inona no tsy efa fitalahoana sy fanaovana azafady nataony? Inona tsy efa fifonana nataony teo anoloan'ity Côte d'Ivoire masiaka ity izay midradradradra isa-pirenena miaraka amin'ny fitenin-janak'ondry! Fa maninona ny fivoahana voalohany, ny hôpitaly voalohan'ny Côte d'Ivoire taorian'ny 19 septambra dia ny Ghana? Nanomboka tamin'ny 1993, ireo rà tsy manan-tsiny ireo dia tsy mitsahatra ny miantso tamin'ny feo mahery an'Andriamanitra hoe: "Mandra-pahoviana, ry Andriamanitra mahitsy sy marina ô, no haha-mbola ho ela ny hitsaranao sy hamalianao ny rànay amin'izay monina amin'io firenena io?". Taorian'izany, ny Côte d'Ivoire avy amin'ny alalan'ny zananilahy Yodé dia namoaka horonam-peo midera ny helony ary ny firenena manontolo dia nandihy tamin'izany… Ny mandeha manohitra mpivahiny, mpitondratena na kamboty, dia tsy avelan'Andriamanitra ho afa-maina izany. Ary raha miaramila aho, dia tsy hirongo fiadiana ho an'ny firenena toy izany mihitsy mandrakizay, ho an'i Sodoma sy Gomora. Tsy hanaiky ny ho faty fahavalon'Andriamanitra izany mihitsy aho mandrakizay. Kristiana aloha aho izay vao ivoariana. Ny olona rehetra dia maty miaraka amin'ny satro-boninahitra sy soratra eo amin'ny satro-boninahiny, izay zavatra nandresy azy teo amin'ny fiainany… Tanin'ny fanantenana, tanànan'ny fampiantranom-bahiny, tanindrazan'ny tena firahalahiana? Andriamanitra dia fitiavana fa izy ihany koa dia Andriamanitry ny fahitsiana sy ny fitsarana. Ny hazo dia mianjera any amin'izay lafiny itongilanany!

OLONA IFANDRAISANA: Rahalahy Kacou Philippe Mailaka: kacou.philippe@yahoo.fr / Finday: +225-0252-0252
Tranokala: www.matth25v6.org na tadiavo ao amin'ny Google ny hoe: « Mpaminany Kacou Philippe »